# Ilay Voa Tsara Nafafy 09 Desambra 2018

**9** **Alahady**
desambra

**Sambatra izay voavela ny helony... Sambatra izay olona tsy isain'i Jehovah heloka.** Romana 4. 7, 8

**Fiahian'Andriamanitra**

Raha haintsika tanisaina ny zavatra rehetra nataontsika sy noeritreretintsika, dia ho lisitra tsy misy farany. Ary maro amin'ireo no hahamenatra antsika. Mety tsy nahita azy ireo ny havana sy namantsika na ny mpiara-miasa amintsika. Nefa tadidin'Andriamanitra daholo izy rehetra ireo : soratany ao amin'ireo bokiny ny zavatra rehetra (Apokalypsy 20. 12). Dia mihevitra ve isika fa ho afaka mifandahatra aminy sy handresy lahatra Azy hoe tsy manan-tsiny isika ? Tsy haintsika ny mamafa izay nataontsika sy ny manova ny maha isika antsika.

Nefa koa Andriamanitra dia mahita tsara ny olona rehetra izay miaiky ankehitriny ireo fahadisoany, ary maniry hihaino Azy sy hianatra hahafantatra Azy. Vonona Izy hamela ny helotsika ka tsy hanisa azy ireny, satria efa nefain'i Jesosy Kristy teo amin'ny hazofijaliana ny trosantsika noho izy rehetra ireny. Tsy hay refesina ny fahamoram-panahin'Andriamanitra sy ny fitiavany antsika : nomeny ny Zanany Lahitokana mba hanafaka antsika amin'ny fahotantsika rehetra, fahotana ampanantenainy koa fa tsy hotsarovany mihitsy intsony : „Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanao, noho ny amin'ny tenako, ary tsy hotsarovako ny fahotanao" (Isaia 43. 25).

Ireo izay nandray ho an'ny tenany izany fampanantenana vokatry ny fitiavan'Andriamanitra izany, dia androtsahany fahasoavana be sy karakarainy fatratra : voaisany ny volon-dohantsika (Lioka 12. 7) sy ny dingana ataontsika (Joba 31. 4), ary fantany ireo tsiambaratelon'ny fontsika (Salamo 44. 21). Mahatsapa fa voaaro sy mahazo fahatokiana ny kristiana, satria mahalala fa sady fantatr'Andriamanitra ny rehetra momba azy no karakarainy am-pitiavana izy.